Fiompiana landy

Ny fandraisan'anjaran'ny fikambanana iray amin'ny fanomezan-danja indray ny lalam-piarihana landy

Daty ny fanadramana	*1995 - 2003*
Faritra jeografika	*Madagasikara, Antananarivo*
Teny ho tadidiana	*Landy be ; fiompiana landy ; fikambanana matianina*
Mpamaky kendrena	*mpiompy landy ; mpanolon-tsaina ara-teknika ; fikambanana matianina, fikambanam-behivavy, toeram-pitazaina antitra, toerana fitazaina zaza kamboty*

Famintinana

Ny fikambanana Mitondrasoa dia fivondronana vehivavy miasa momba ny lalam-pihariana landy.Ny tanjon'izy ireo dia ny handray anjara amin'ny fampandrososana indray ny fiompiana landy eto Madagasikara amin'ny alalan'ny asa-tanam-behivavy.

Zava-misy

Manana ny lanjany amin'ny fiainana sy ny fomban-drazana malagasy ny fiompiana landy. Akora azon'ny mpanenona ampiasaina amin'ny fanamboarana lamba isan-karazany (famadihana, lambamena, ...) izy. Misy karazany roa ny landy hompiana eto Madagasikara:

- Ny Landibe na ny landy gasy, karazany mivelona amin'ny alan-Tapia, afiafy, sy amberivatry
- Ny landi-boaroiharo avy any Eropa,

Any amin'ny faritany Toliara sy Fianarantsoa ary Mahajanga no miompy betsaka ny landibe, ny landi-boaroihazo kosa dia any amin'ny faritany Fianarantsoa sy Antananarivo no ahitana azy .

Mila olona maro ny fiompiana landy . Maharitra iray volana eo ho eo ny fitsingerenan'ny fiainan'ny landy. Raha ampy tsara ny ravina hafahana ny zana-dandy dia afaka mamokatra in-6 isan-taona ny mpiompy. Tokony ahavokatra akoran-dandy 60kg ny mpiompy iray ao anaty taona. 100 taonina isan-taona ny akoran-dandy vokatra eto Madagasikara ka akoran-dandibe ny 30-35% ary landy vahiny ny 65%. Raha mahafehy tsara ny teknika-mpiompiana ny mpiompy dia tokony mahavokatra akoran-dandy 1-200kg isaky ny 100 metatra sokera . Ny akoran-dandy iray dia ahazoana kofehy 500 metatra.

Ilàna fitandremana ny fiompiana ny landy satria betsaka ny aretina mety ahazo ny landy, saingy tsy mba azo tsaboina rehefa miseho izy ireny. Nisy fampihofanana nomen'ny sampandraraham-panjakana misahana ny fiompiana ho an'ny mpiompy landy mba hamokarany atodin-dandy betsaka teo aloha.

Ireo olana misy

Misy karazany roa ny olana ara-teknika ny lalam-pihariana landy : ny tsy fahampian'ny voaroihazo sy ny fahambanian'ny taha-pahavokarana ho an'ireo karazany landy vahiny.

Olana lehibe ho an'ny mpiompy ny tsy fahampian'ny ravina voaroihazo hamahanana ny zana-dandy. Ny fambolena voaroihazo anefa tsy mbola anisan'ny anton'asan' ny tantsaha, mamboly ihany izy fa zara raha mahasahana ny filany. Mbola vadin'asa ho an'ny tantsaha ny lalam-landy.

Akoatra izany dia kely ny vokatra azo avy amin'ny karazana landy gasy, izay hompian'ny ankamaroan'ny mpiompy.Amin'ny akoran-dandy 100kg, dia 8% fotsiny ny landy azo raha 11% amin'ny fiompiana amin'ny tsotra. Raha tsy ampy ny ravina omena ny zana-dandy dia mbola mety hiena hatramin'ny 8% io vokatra io.

Manana olana eo amin'ny sehatry ny famarotana koa ireo mpandraraha. Ambany ny hamarotana ny akoran-dandy . Noho ny olana ara-bola misy, dia voatery mivarotra akoran-dandy saika isa-kerin'andro amin'ireo mpanera sy ireo mpanao kofehy ireo mpiompy. 20 000 – 25 000 fmg (3 – 3,5 euros) no hividianan'ny mpanera ny akoran-dandy ny iray kilao ary hamidiny 30 000 – 35 000 fmg (4,5 – 5 euros) amin'ireo mpanodina kofehy Tsy azon'izy ireo tehirizina ela ny akoran-dandy satria mety ho simba.

Asa atao

Tamin'ny volana mey taona 1995 no niforona ny fikambanana Mitondrasoa izay ivondronanan'ny vehivavy misahana ny fiompiana landy. Misy mpikambana 12 ao anatiny, izay miparitaka ao anatin'ny faritra Antananarivo sy Alaotra ka ny 6 mpamboly voaroihazo, 4 mpiompy zana-dandy ary ny 2 manenona.

Tanjo'ny fikambanana ny hampandroso ny fiompiana landy. : Ny fiompiana landy dia mety ho anton'asan'ny fianakaviana iray izay entina mampiseho ny fahaiza-manaon'ny vehivavy. Mitaky fikarakarana maro ny fiompiana landyMampihena ny vola lany amin'ny famokarana akoran-dandy ny fifanampian'ny mpianakavy. Mba ahafahany manatratra ny tanjona, dia maro ny asa nataon'ny fikambanana:

- Fanentanana amin'ny fambolena ny voaroihazo sy ny fiompiana ny zana-dandy (famporisihana amin'ny alalan'ny radio, peta-dridrina, varotra fampisehoana, …). Amin'ny ankizy no tokony hanaovana ny fanetanana voalohany.. Toak'izany koa ny fikambanam-behivavy, ny sembana, fitazaina antitra, ... Fampihofanana momba ny fiompiana landy : fampianarana ny mpihofana amin'ny fikojakojana sy famahanana ny landy. Fanoroana hevitra amin'ny fomba famokarana akoran-dandy tsy andaniam-bola .;
- Fananganana fikambanana miaro ny tontolo iainana, miaro ny voaroihazo.

Nikarakara fihetsiketsahana momba ny fiompiana landy ny fikambanana niaraka tamin'ireo fikambanana misahana ny fampandrosoana ny tao-zavatra, ny sahan'asa-mpanjakany mikasika ny fiompiana, ny CITE sy ny GRET tamin'ny taona 1996. Fihetsiketsehana natao indrindra mba ahafahan'nireo mpandraraha momba ny landy mihaona ka hifanakalozany hevitra amin'ny zavatra tokony hatao hampandrosoana ny lalam-pihariana landy.

Tanjona efa tratra

Vokatry ny fanentanana natao tamin'ny taona 1996, dia nanapa-kevitra ireo mpandraraha misahana ny landy ny hananganana fikambanana matianina misahana ny lala-pihariana landy eto Madagasikara..Amin'izao fotoana izao dia anisan'ny tambazotra laharam-pahamehana ho an'ny fanjakana malagasy ny landy. Ny faritany mizakatanan'Antananarivo dia nanangana tetik'asa hampandrosoana ny fiompiana landy. Ao ireo tetik'asa–mpanjakana fampivoharana ny eny ambanivohitramanampy ireo vondron'ireo tantsaha mpiompy landy.Ny fampitomboana ny voly voaroihazo no fototra ifaharan'ny fampivoharana ny lalam-pihariana landy.

Na dia tsy misy aza ny tarehi-marika mazava dia tsapa fa mitombo ny isan'ireo fikambanana na olon-tsotra manao ny asa landy

Mitohy hatrany ny fampihofanana omen'ny fikambanana mikasika ny fiompiana landy amin'ny alalan'ny fampandrosoana ny asan'ny mpikambana ao aminy. Eo amin'ny 300 eo ho eo ny tantsaha efa nahazo fampihofanana ery miisa 250 000 fototra ny voaroihazo voavoly. Mbola eo am-piheverana ny fidiran'ny lehilahy ao anatin'ny fikambanana.

Lesona azo tsoahina sy ny mety ho aviny

Ny tetik'asa fampivoharana mikasika ny lalam-piharian'ny seha-pamokarana ambaratonga voalohany dia tsy avy amin'ny mpandraraha fa miankina indrindra amin'ny fitondram-panjakana na miankina amin'ireo sahan'asa fampandrosoana. Tsy mbola misy ny vokatra tsara azo satria maro ny tetik'asa mijanona miaraka amin'ny tetik'asa fampandrosoana. Tokony ireo mpandraraha mivantana no mandray an-tanana ny tetik'asa mba hampisy fitohizana ny asa.. Ohatra ny fandraisana anjaran'ny fikambanana amin'ny fampandrosoana ny lalam-pihariana landy.

Manomboka mitraka ny tambazotra-pihariana landy satria efa manomboka avokoa ny tetik'asa ho enti-mampandroso.

Ireto avy ny tanjon'ny fikambanana Mitondrasoa ho an'ny taona 2003 :

- Fitarihana ny vehivavy amin'ny fiompiana zana-dandy sy fanodinana ny akora (fanodinana kofehy, fanenonana, fanaovana peta-kofehy, fanjairana) ao anatin'ny tanana maromaro (Antehiroka, Talataty, Ambohidratrimo, Ivato, Ambohimanarina, Manjakandriana, Arivonimamo) ;
- fananganana tetik'asa fanodinana akora (fanaovana tady, fanenonana, fandokoana, fandrariana)
- fananganana foibe fikarakarana akoran-dandy

Fihovana sehatra sy ny fijery ara-politika

Tokony hampidirina ho anisan'ny tetik'asa nasionaly ny ny fambolena voaroihazo. Tokony asiana Fanjakana malagasy fandinihana koa ny resaka fananan-tany. Satria tsy voataona amin'ny fambolenba voaroihazo mihintsy ireo tantsaha mbola manana olana eo amin'ny fananan-tanyTokony homena ny mpandraraha matianina ny fanampiana rehetra natokana ho azy (ara-bola sy ara-teknika)

Notsoahina avy amin'ny : Fiche AGRIDOC ‘’ *L'élevage de vers à soie, La contribution d'une association à la relance de la filière* ‘’ - Feno ANDRIAMANALINA – CITE, 2003

Nandika : RALAMBOHARISOA Lalaina Hobisoa – CITE, 2004